Ny fijangajangana inona no ambaran'ny Baiboly mikasika izany ?

Ny fijangajangana inona no ambaran'ny Baiboly mikasika izany ?

Bibles et **P**ublications **C**hrétiennes
30, rue Châteauvert BP 335 F-26003 Valence cedex

Imprimé en France

ISBN : 978-2-87907-349-1
La sexualité : qu' en dit la Bible ?

NY FIJANGAJANGANA
Inona no ambaran'ny Baiboly mikasika izany ?

« Mandosira ny fijangajangana. Izay fahotana rehetra ataon'ny olona dia eny ivelan'ny tena ihany ; fa ny mpijangajanga kosa dia manota mihatra amin'ny tenany. Ahoana ary ? Moa tsy fantatrareo fa ny tenanareo dia tempolin'ny Fanahy Masina, Izay ao anatinareo sady efa azonareo tamin'Andriamanitra ? Ka tsy tompon'ny tenanareo intsony ianareo. Fa olom-boavidy ianareo, koa dia mankalazà an'Andriamanitra amin'ny tenanareo »[1]. *«Mankahalà ny ratsy »*[2].

Ny fijangajangana

Hita matetika ao amin'ny Tenin'Andriamanitra izany teny izany. Manondro izay rehetra mety ho endrika isehoan'ny firaisana ara-nofo ivelan'ny fanambadiana izy io[3].

Amin'ny tontolo iainantsika ankehitriny, na toa tsy fampiasa firy intsony aza io teny io, ny

---

1. 1 Korintiana 6. 18-20 • **2.** Romana 12. 9 • **3.** Hebreo 13. 4 sy ny 1 Korintiana 7. 2

fahotana tondroiny kosa mainka miha mihanaka sy miha mihanjahanja. Hita ombieny ombieny eo amin'ny tontolo manodidina antsika ny fisehon'ireny fijangajangana ireny : mpivady mifanitsakitsaka, fisakaizana maloto, tokan-tranomaso. Loza mitatao ho an'ny kristiana ny ho babon'izany fahazaran-dratsy izany. Ho donto mihitsy ny sainy amin'ny farany ka tsy hanameloka azy intsony ny feon'ny fieritreretany, na miaina ao anatin'izany aza izy. Tsy izay sainin'ny olona manodidina antsika akory no marina, ka tokony harahina, fa ny ambaran'ny Baiboly, ny Tenin'Andriamanitra, izay eken'ny mino noho ny tahotra an'Andriamanitra.

Izay ambaran'ny Baiboly mikasika ny fijangajangana

> « *Aza mijangajanga* »[4]. « *Izay mijangajanga amin'ny vehivavy dia tsy ampy saina ; Izay ta-hanimba tena no manao izany* »[5].

Manamafy ny maha fahotana goavana ny fijangajangana ny apôstôly Paoly, rehefa notarihin'ny Fanahy Masina izy, ao amin'ny enina

---

4. Eksodosy 20. 14 • **5.** Ohabolana 6. 32

amin'ireo epistily nosoratany[6]. Ny fitsaràn' Andriamanitra no mitatao eo an-dohan'izay rehetra miroboka amin'izany karazam-pahotana izany. Ambara mazava ao amin'ny Efesiana 5. 5 fa tsy mba handova ny fanjakan'Andriamanitra ireny olona ireny. Tahaka izany koa ny voalaza ao amin'ny Galatiana 5. 21 sy ny 1 Korintiana 6. 10.

Ny fanahy, ny saina, ny vatana

> « *Ary Andriamanitry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho tanteraka, ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny tenanareo ho tanteraka ka tsy hanan-tsiny amin'ny fiavian'i Jesoa Kristy Tompontsika* »[7].

Manisy fiavahana mazava tsara amin'ireo singa mandrafitra ny maha olona ny Tenin' Andriamanitra, araka izany teny izany :

1. Ny *fanahy*, izay ahatsapantsika ny fisian' Andriamanitra sy ifandraisantsika amin'ny tontolo ara-panahy.

---

6. vakio ny 1 Korintiana 6. 9-11 ; Efesiana 5. 3-7 ; Galatiana 5. 19-21 ; 2 Korintiana 12. 21 ; Kolosiana 3. 5-7; 1 Tesaloniana 4. 3-8

• **7.** 1 Tesaloniana 5. 23

2. Ny *saina*, izay mamaritra ny maha olona ny olona. Izy no ivon'ny fanapahan-kevitra rehetra. Mifandray amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fanahy izy, ary amin'ny tany amin'ny alalan'ny vatana. Azony ampiasaina avokoa na ny faharanitan-tsaina, na ny fandrindran-kevitra, ny fisainana, ny fihetseham-po,....
3. Ny *vatana*, ilay fizaràna hita mason'ny maha izy azy antsika, izay itoeran'ireo fahatsapana dimy sy ireo fironana voajanahary ao amintsika.

Fahotana miantraika amin'ny fanahintsika

Ota eo imason'Andriamanitra ny fijangajangana, satria midika ho fanaovana tsinontsinona ny lamina efa napetrany tamim-pahendrena sy tao anatin'ny fiandrianany feno izany :

« Tsy mbola novakinareo va ny teny, fa Izay nahary azy tamin'ny voalohany dia nahary azy ho lahy sy vavy, ka dia nanao hoe : « Ary noho izany ny lehilahy dia handao ny rainy sy ny reniny ka hikambana amin'ny vadiny ; ary dia ho nofo iray ihany izy roroa » ? ka dia tsy roa intsony izy, fa nofo iray ihany. Koa amin'izany,

izay nampiraisin'Andriamanitra dia aoka tsy hampisarahin'olona »[8].

Akamban'Andriamanitra amin'ny alalan'ny rohim-panambadiana ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray. Noho izany, raisin'Andriamanitra ho fanevatevana Azy avokoa na ny fanaovana firaisana ara-nofo ivelan'ny fanambadiana, na ny fanitsakitsahana ny tokantrano, ho an'ireo efa ao anatin'ny fanambadiana. Sady fanaovana tsinontsinona ny fahefàn'Izy Andriamanitra izany, no fanitsakitsahana ny lamina efa napetrany. Tokony ho mailo ny kristiana, satria mahalala izy fa manimba ny fiombonany amin'Andriamanitra ny ota, ka handositra an'io fahotana iray io. Miteraka fanamelohan-tena sy fikorontanan-tsaina ho an'izay miaina azy ny fijangajangana.

Fahotana miantraika amin'ny maha olona (ny saina)

« *Izay mijangajanga amin'ny vehivavy dia tsy ampy saina ; izay ta-hanimba tena no manao izany. Voakapoka sy afa-baraka izy ary tsy ho afaka amin'ny tondro-molotra* »[9].

---

8. Matio 19. 4-6 • **9.** Ohabolana 6. 32-33

Miraikitra ao an-dohan'ilay nandoto ny tenany tamin'ny fijangajangana ny fanamelohan-tena, ary manakorontana ny sainy. Fahatsiarovana maloto no mirakitra ao an-tsainy ; ratran'ny nenina noho ny ratsy vita taman'olona, ary ratra faran'izay sarotra sitranina tokoa. Aza hadinoina fa misy tambiny mandrakariva ny fijangajangana, na eo aminao izay manao azy izany, na eo amin'ny olona miaraka aminao[10].

Fahotana miantraika amin' ny vatana

Tsy manota amin'Andriamanitra sy manota mihatra amin'ny sainy fotsiny ihany ny mpijangajanga, fa manota mihatra amin'ny vatany, na ny tenany, ihany koa :

> «*Fa ny mpijangajanga kosa dia manota mihatra amin'ny tenany* »[11].

Mamahavaha an'io fijangajangana mandoto ny vatana io ny apôstôly Paoly, ao amin'ny toko fahenina amin'ny epistily voalohany nosoratany ho an'ny Korintiana. Ao no anehoany antony fito tokony handosirana an'io karazam-pahotana iray io.

---

10. Mpitoriteny 10. 8 ; Ohabolana 6. 29 • **11.** 1 Korintiana 6. 18

1. Fa ny tena kosa dia tsy ho an'ny fijangajangana, fa ho an'ny Tompo (and. 13)

Hoy i Paoly ao amin'ny toko faha-12 amin'ny taratasy nosoratany ho an'ny Romana :

> « *Koa amin'izany mangataka aminareo aho ry rahalahy noho ny famindrampon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany* ».

Voatokana hoenti-manompo ny Tompo ny tenan'ny mpino. Tsy maintsy ho masina ny tena mba ho azon'Ilay Masina Indrindra hampiasaina. Manala tena tsy ho afa-manao asa fanompoana na inona na inona ny mpijangajanga, satria voaloto ny fitaovana hoentiny miasa, izany hoe ny tenany, ka tsy ho azon'Andriamanitra hampiasaina intsony.

2. Ary ny Tompo ho an'ny tena (and. 13)

Mikarakara ny tenantsika ny Tompo. Samy talanjona avokoa, na ny mpitsabo na ny mpandidy, manoloana ny hafatratry ny fiasan'ny atidoha, ny taova fandevonan-kanina, ny hozatra, ny sela, ny taovam-pananahana. Iza no namboatra ny vatana hirindra toy izany ? Ny Tompo Andriamanitra, izay mpahary sy mihazona ny zavatra rehetra amin'ny herin'ny

Teniny. Izany no ilazantsika fa sarobidy amin'Andriamanitra ny tenantsika ka tsy tokony holotoina, na amin'ny fomba manao ahoana na amin'ny fomba manao ahoana[12].

3. Ary Andriamanitra efa nanangana ny Tompo sady hanangana antsika koa amin' ny heriny (and. 14)

Nanangana ny vatan'ny Tompo Jesoa tamin'ny maty Andriamanitra. Izany no nataony satria fantany fa anisan'ny mandrafitra ny maha izy azy an'i Jesoa mihitsy koa ny vatany. Torak'izany koa, anisan'ny mandrafitra ny maha isika antsika ny vatantsika, ka sarobidy eo imason'Andriamanitra. Hatsangana ny vatantsika (na hovana, raha toa mbola miaina isika amin'ny fotoana hiverenan'ny Tompo), ka hitovy amin'ny vatana be voninahitry ny Tompo Jesoa. Hiara-hitoetra aminy mandrakizay ao amin'ny toeran'ny voninahitra ny vatantsika natsangana.

Moa tsy ampy ilazana ny maha sarobidy ny vatana, na ny tenantsika, eo imason' Andriamanitra ve ny fanandratany izany vatantsika izany ho any an-danitra, aorian'ny fitsanganana amin'ny maty? Ka moa ekentsika ve ny handoto azy io amin'ny fijangajangana?

---

12. 2 Korintiana 7. 1

Tsarovy fa hiakatra any an-danitra, izay toeran'ny fahazavana sy ny fahamasinana io vatantsika io.

4. Tsy fantatrareo va fa momba ny tenan'i Kristy ny tenanareo ? Moa hanala ny momba ny tenan'i Kristy va aho ka hanolotra izany ho momba ny tenan'ny vehivavy janga ? Sanatria izany ! (and. 15)

Ny mpino no mandrafitra ny tenan'i Kristy. Ireo mpino no toy ny rantsam-batan'i Kristy, ary i Kristy kosa no Loha, izay efa nomem-boninahitra any an-danitra. « *Ary ireo rehetra momba ny tena ireo, na dia maro aza, dia tena iray ihany, dia tahaka izany koa Kristy* »[13]. Toy ny manolotra ny tenantsika ho momba ny tenan'ny vehivavy janga isika, izany hoe 'tena iray aminy', na 'vatana iray aminy', raha minia miroboka amin'ny fijangajangana. « *Sanatria izany !* », hoy ny hiaka nataon'i Paoly.

13. 1 Korintiana 12. 12

5. Moa tsy fantatrareo va fa izay miray amin'ny vehivavy janga dia tena iray aminy ? fa hoy Andriamanitra : « ho nofo iray ihany izy roroa ». Fa izay miray amin'ny Tompo kosa dia fanahy iray aminy (and. 16-17)

Ho an'ny lehilahy, ny firaisany amin'ny vehivavy janga, na amin'ny vehivavy hitany teny ho eny, dia midika ho fiombonany ho 'tena iray' amin'iny olona iny. Tsy misy na fitiavana, na firaisam-po, na fiombonan-tsaina eo amin'izy ireo, izay tokony ho hita mandrakariva eo amin'ny fiainan'ny mpivady ara-dalàna. Fifanintonana ara-nofo fotsiny ihany no mampifandray azy roa. Mifanohitra amin'ny lamina napetraky ny Mpahary izany. Efa napetraka mantsy fa tsy maintsy misy fifamatoram-pitiavana aloha eo amin'ny lahy sy ny vavy, voalohany indrindra ; hamafisin'ny fifanekem-panambadiana ampahibemaso izany, vao ho « *nofo iray ihany* » izy roa[14]. Mameno izany ny firaisam-po sy ny firaisain-tsaina.

Efa tafaray amin'ny Tompo ny mpino rehetra. Tena fanahy iray aminy izy. Hiara-honina amin'i Kristy ao amin'ny voninahiny ny saintsika sy ny vatantsika, indray andro any.

---

14. Genesisy 2. 24

Hitantsika amin'izany àry fa mifamototra tanteraka amin'ny lamina ara-pitondrantena napetrak'ilay Mpahary ho an'ny olombelona, izay voary lalainy fatratra, ny fijangajangana.

6. Mandosira ny fijangajangana. Izay fahotana rehetra ataon'ny olona dia eny ivelan'ny tena ihany ; fa ny mpijangajanga kosa dia manota mihatra amin'ny tenany. Ahoana àry ? Moa tsy fantatrareo fa ny tenanareo dia tempolin'ny Fanahy Masina, Izay ao anatinareo ? (and. 18-19)
Moa ve mba azontsika an-tsaina ny lanjan'izany hoe : « tempolin'ny Fanahy Masina ny tenantsika » ? Monina ao anatin'ny mpino ny Fanahy Masina. Fanomezana noraisintsika avy tamin'Andriamanitra io Fanahy io. Ny vatantsika no fitoerana masina nanorenan'ny Fanahy Masina ny fonenany, ary honina ao Izy... mandrakizay ! Nodiovina indray mandeha tamin'ny alalan'ny rà nalatsaky ny Tompo tao Golgota ny tenantsika. Ary tonga fitoera-masina voatokana ho fonenan'Ilay Vahiny avy any an-danitra izy, fonenan'ny Fanahy Masina, rehefa izany. Aoka àry tsy holotointsika amin'ny fijangajangana io fitoerana masina io !

7. Ka tsy tompon'ny tenanareo ianareo. Fa olomboavidy ianareo, koa dia mankalazà an'Andriamanitra amin'ny tenanareo (and. 19-20)

Ny hoe voavidy dia filazana avy hatrany fa nisy fananana iray lasa fananan'ny hafa. Tsy antsika intsony ny tenantsika fa efa novidin'Andriamanitra. Toy inona moa ny sanda tsy maintsy naloan'Andriamanitra ho vidin'ny mpino tsirairay avy! Ny Zanany lahitokana no nafoiny ho onitra ho antsika teo amin'ny hazofijalian'i Kalvary. Izany no sanda naloan' Andriamanitra mba hividianana antsika (vatana, saina, ary fanahy) – tsy voavidim-bola izany! Noho izany, aoka ho haintsika ny hametraka ny tenantsika ho azon'Andriamanitra hampiasaina, ho fanomezam-boninahitra fa tsy ho fanalambaraka Azy.

Inona no hatao manoloana ny fakàmpanahy ?

Fantatr'Andriamanitra tokoa ny fahalemen'ny olombelona manoloana ny fakàmpanahin'ny filàna ara-nofo. Malemy mantsy ny nofo. Didy feno famindram-po no nomen'Andriamanitra. Hoy Izy : « *MANDOSIRA NY FIJANGAJANGANA* ». Andosiro lavitra toy ny fandositra menarana ny fijangajangana. Mankahalà ny ratsy[15]. Tsy misy hilalao, na hisangisangy, na hisafosafo, na hanao ampofoana, eny, na hifanatrika akory aza, amin'ny menarana, satria mahafaty ny kaikiny.

Tsy maintsy fadintsika ny filàna hiarakaraka, sy izay rehetra mety ho fiarahana mampiahiahy. Aoka isika hanentsin-tadiny amin'ireo tolokevitra hafahafa[16]. Andosiro ny toerana rehetra anjakan'ny resaka mamoafady[17], andosiro ny horonan-tsary, ny vaky boky, mbamin'ireo sary manetsika filàna sy fitsiriritana mandoto ny fisainana.

Tsara fo ny Tompo ka nanome ny vahaolana ho an'ny mpino isam-batan'olona : MANDOSIRA. Aza mikasika, aza mihaino, fa andosiro ilay atao hoe 'vehivavy hafa', ilay tsy vadin'ny tena. Toy izany

---

15. Romana 12. 9 • **16.** vakio ny Ohabolana 5. 3-14 sy 7. 6-23 • **17.** Efesiana 5. 3-4

koa, mila mandositra ny lehilahy maka fanahy azy ny vehivavy mpino.

Tandremo fa mety hiafina ao ambadiky ny fisakaizana sy ny finamanana ny fakàmpanahy!

Hafatra ho an'ny tanora

Milomano ao anatin'ny tontolo potiky ny fampanaranam-po ny nofo isika. Loza mitatao, ho an'ny tanora indrindra indrindra, ny amboletra mihatra amin'ny fanahintsika ; ny sain-dratsy tsy hay tohaina miha mahazo laka sy mihanaka, tsy misy tahotra na henatra intsony.

Na eo aza anefa izany, efa nanome loharanon-kery ho antsika Andriamanitra, mba hahafahantsika manovo hery amin'ny fotoana rehetra ilantsika izany. Eny, afaka ny hitoky amin'ny hery omen'Andriamanitra an'ireo olona tsy mivadika amin'ny fatokiana Azy – tahaka an' i Daniela tao an-dapan'ny mpanjakan'i Babylona, sy tahaka an'i Josefa tao an-tranon'i Potifara – isika mpino tsirairay avy.

Saingy, mbola hisy ihany angamba tanora sasantsasany hilaza hoe : « Inona moa no maharatsy ny fiaraha-mitoetra amin'ny namana lahy, na vavy ? Tsy mampaninona an'iza na iza izany. Manova inona moa ny fisoratana eo anatrehan'ny mpiadidy ny sora-piankohonana ? » Ndeha hohazavaina amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra izany fomba fiheverana izany :

1. Inona no tsy mahamety ny fiaraha-mitoetry ny mpinamana lahy sy vavy?

Tokantranomaso no iantsoana an'io endrika fiaraha-mitoetra io. Miha mahazo laka izany ankehitriny, kanefa tena tsy araka ny fihevitr'Andriamanitra mihitsy – izay tsy mbola miova fa manasokajy izany ho zava-dratsy mandrakariva. Miavaka hatrany amin'ny vady ara-dalàna ny kivadivady. Raha nitafa tamin'ilay vehivavy tao Samaria ny Tompo Jesoa mba handresy lahatra azy ny amin' ny fahotany, dia nomarihiny ny hoe: Efa nanambady indimy ianao, ary « *tsy vadinao ilay itoeranao ankehitriny* »[18]. Manambara mazava koa ny Hebreo 13. 4 manao hoe: « *Aoka hanan-kaja amin'ny olona rehetra ny fanambadiana* ».

Fanomezana sarobidy nomena ny olombelona ny hanambady olona iray mandra-pahafaty.[19] Toy ny tombontsoa rehetra dia mitaky adidy sy andraikitra ny fanambadiana. Raisin'ny ankamaroan'ny tanora ho toy ny andrankandrana sy tsy tena haharitra ihany anefa io fiaraha-miaina io ankehitriny. Laviny ireo adidy eo amin'ny sehatry ny fianakaviana tokony hiantsorohany. Tsy irosoany ny fanekena ny hahatoky ka hijanona amin'io olona io mandra-

18. Jaona 4. 18 • **19.** Genesisy 2. 23

pahafatiny. Misy fifangaroana eo amin'ilay antsoina hoe filàna ara-nofo, sy ny tena fitiavana ao anatin'ny fanambadiana.

Fanevatevana an'Andriamanitra ny fanaovana tokantranomaso, ary midika ho tsy fankatoavana ny lamina napetrak'ilay Andriamanitra Mpamorona. Aoka hotsiahivintsika fa natao hanana ny endriky ny firaisam-panahin'i Kristy sy ny fiangonana ny fanambadiana.

2. Tsy mampaninona an' iza na iza ny fiarahan'olon-droa mitoetra

Hitantsika tao amin'ireo pejy teo aloha fa miantraika amin'ny fanahy, amin'ny saina, ary amin'ny vatan'ireo olon-droa miaina ao anatiny ny tokantranomaso. Raha misy aza moa zaza teraka tao anatin'io tokantranomaso io, dia tsy maintsy ho hita taratra amin'ny toetran'ireo zaza ny tsy fisian'ny firaisana feno teo amin'ny ray aman-dreniny.

3. Manova inona moa ny fandalovana eny amin' ny firaisam-pokontany?

Manoatra lavitra ny fankanesana hisoratra eny amin' ny firaisana ny hevitra fonosin'ny atao hoe fanambadiana ara-panjakana. Midika ho

fanekena ampahibemaso ny hifankatia sy hifampatoky izany, omban'ny fahavononana hifanampy eo amin'ny lafim-piainana manontolo. Moa ve tsy porofon'ny tsy fahavononana haharitra mandra-pahafaty ny fandavana tsy hanao ny fanekena imasom-bahoaka?

Ho an'ireo nanota

Ny fijangajangana no voalohany amin'ireo asan'ny nofo voatanisa ao amin' ny Galatiana toko faha-5. Indrisy, mbola mety hahatanteraka an'ireo asan'ny nofo rehetra ireo ihany isika kristiana « nateraka indray », raha tsy maharitra amin'ny fihazonana ny fiombonana amin'ny Tompo. Arakaraka ny hifandraisantsika aminy mantsy no hahafahantsika hitafy ny heriny sy hisalotra ny fahasoavany, ka hahatoherantsika ny fakàmpanahy. Tsy maintsy hazonintsika ao amin'ny fahafatesana ny nofo, amin'ny alalan'ny fisaintsainana mandrakariva, amim-pinoana, fa efa niara-nalevina tamin'i Kristy isika.

Raha misy kristiana iray, zanak'Andriamanitra, latsaka tamin'ny fakàmpanahy, aoka tsy hohadinoiny mihitsy fa misy ny lalana hiverenany ho amin'Andriamanitra : « *Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsy fahamarinana rehetra* »[20]. Tsy maintsy ho amin-kitsim-po ny fiaiken-keloka amin'Andriamanitra. Ekeo fa nampahatezitra an'Andriamanitra ny ota nataonao : « *taminao dia taminao ihany no nanotako* »[21] .

---

20. 1 Jaona 1. 9 • **21.** Salamo 51. 4

Ilaina ihany koa ny fiaiken-keloka amin'ny rahalahy kristiana tena mpino, matotra, manana ny toetry ny mpitandrina (mpiandry ondry). Hitera-boka-tsoa mantsy izany satria hanampy amin'ny fahitana izay ho fanarenana tanteraka an'ilay lavo.

Koa dia mankalazà an'Andriamanitra amin'ny tenanareo

Raisina ho toy ny fitaovana ahazoantsika mankalaza an'Andriamanitra ety an-tany ny tenan'ny mpino tsirairay avy. Sarobidy ny nividianana antsika, ka moa tsy tokony hapetratsika manontolo hanompoana ny Tompo ve ny momba antsika manontolo, dia ny tenantsika? Amin' ny fomba ahoana anefa? Amin'ny fiaikena fa ananan'Andriamanitra fahefana feno ny tenantsika, noho ny asa vita teo amin'ny hazofijaliana. Aoka hangatahintsika aminy, amin'ny alalan'ny vavaka, izay sitrapony. Hatorony antsika ny lalana tiany hizorantsika, raha tena mivavaka amim-pahitsiana tokoa isika.

Ohatra roa no ndeha horaisintsika: ny masontsika sy ny vavantsika.

Ny masontsika

Aoka hampiasaintsika ho amin'ny famakiana ny Tenin'Andriamanitra, sy ireo asasoratra manampy antsika hahatakatra ny amin' Andriamanitra, ny masontsika. Ahirato ny masontsika mba hanavaka ny tsara azontsika tanterahina ho an'ny rahalahintsika, sy ho an'ny

olona manodidina antsika. Ndeha hafantotsika amin'ny tsara ny fampiasana ny masontsika[22].

Ny vavantsika

Sokafy ny vavantsika mba hiderana an' Andriamanitra. Sokafy izy mba hivavahantsika ho an'ny tenantsika, ny fianakaviantsika, ny namantsika, ny fiangonana, ny famonjena ny mpanota. Aoka ho amin'ny teny fampaherezana ho an'ny ory, ny tsy misy mpiahy, ny manirery, ny marary, no hampiasantsika azy. Aoka hosokafantsika ny vavantsika hamakiana ny Tenin'Andriamanitra ho an' ny hafa,...

Naniry ny hisehoan'ny fiainan'i Jesoa teo amin'ny tenany ny apôstôly Paoly[23]. Faniriantsika koa ve ny toy izany? Solontenan'ny Tompo Jesoa ety an-tany ny tenantsika, eo am-piandrasana ny fanovana « *ny tenan'ny fietren-tenantsika ka hitovy endrika amin'ny tenan'ny voninahiny* »[24]. Rahatrizay dia « *ho hita toetra miharihary isika eo amin'ny fitsaràn'i Kristy, mba handraisan'ny olona rehetra izay zavatra nataon'ny tenany, dia araka izay nataony, na tsara na ratsy ». Koa aoka mba « hataontsika ho voninahitra ny mba*

---

22. Filipiana 4. 8-9 • **23.** 2 Korintiana 4. 10 • **24.** Filipiana 3. 21

hankasitrahany antsika», hoy ny apôstôly Paoly[25].

25. 2 Korintiana 5. 9-10

Bokikely hafa mety hanampy anao

– *Olan'ny fahatanorana, ny fanambadiana, ny fianakaviana* – J. Graf
– *Ny fakampànahy sy ny famonjena avy amin'Andriamanitra* – G. André

Imprimé en France par IMÉAF – 26160 La Bégude de Mazenc
Dépôt légal : 4e trimestre 2007 - N° d'impression 70746